## NY TENY FIAINANA

*"Fa efa teraka indray hianareo, tsy tamin'ny voa mety ho lo, fa tamin'ny tsy mety ho lo, dia ny tenin'Andriamanitra, izay velona sady maharitra."*
*I Petera 1:23*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Valanaretina coronavirus : ny hevitry ny mpanao facebook momba ny sekoly atao CTC




**Elian Raharison :** CTC ALAROBIA. Natao kobay nohon'ny aretina indray ve ny mpianatra Alarobia? Tsy afaka mitady toerana hafa mihintsy ve?
**Sergio Razafinimpanana :** fa raha mirongatra ny aretina dia alefa mianatra ve ny mpianatra?
**Elian Raharison :** maninona raha atao confinement indray raha izany, tsy mety ity ny mpianatra sasany mianatra, fa ny ao Alarobia irery ihany no atao kobay, toerana bdb ireo.
**Voahangy Andriambelo :** marina loatra.
**Haingo Paradis :** efa misy fandaminana kosa e ! ny aina aloha ambonin'ny zavatra rehetra .
**Elian Raharison :** Haingo Paradis : tena manaiky zany aho fa ny aina ambony, fa mila mijery toerana hafa e, raha ohatra ka miaraka tsy mianatra ny mpianatra dia iombonako ny fijerinao, fa tsy hoe misy mianatra, misy kobay atao sorona tsy mianatra.
**Haingo Paradis :** Elian Raharison : tsia ka toy ny teo aloha dia eny Ampasampito no mianatra ireo ankizy ireo fa tsy hoe miato akory , na izany na tsia, hisy ny fandaminana efa napetrak'ireo tompon'andraikitra @zany .
**Elian Raharison :** Haingo Paradis : ny tena mahavariana ahy, maninona no tsy manao requisitions toerana malalaka @ ireo karana?
**Haingo Paradis :** Elian Raharison : tsy hidirako aloha ny @zay , ny fantatro fotsiny hoe: teo no nisy ny teo aloha , ny installation, sns… raha tsy hiteny ankoatry ny Jirama isika , aleo hatrehana aloha ny aretina , ady iombonana io fa tsy mifidy fahavalo ho petahana .
**Tovohery Ratsimba :** marina be izany, ny aina no ambony, fa nga tsy mety toeran-kafa? maninona raha maka toerana @ ireo karana eo ampita ireo ohatra?resaka iny, fa ohatra ny eny @ Omert teo aloha, fa efa manana bureau eny @ digue izy ireo? na ao @ INIFRA eo ampita ohatra, fa misy malalaka be ao? fa maninona ny pianatra no atao sorona?
**Tantely Rakotoaritsifa :** Haingo paradis: matahotra ny tsy hahazo ilay vola fanampiana avy amin'i président ve no toa dia tsy mandefa saina lavitra loatra?
**Haingo Paradis :** Tantely Rakotoaritsifa : vola inona? tena lalina izany hevitra izany an ! tsy afaka ferana @zay eritreritra ny olona fa tsy izany akory no hanova ahy tsy ahatratra ny tanjoko ... mba mandraisa anjara @ fanampiana ny vahoaka, fa aza variana mitsingoloka tsy hampandroso anao akory izany .
**Setra Rasolofo :** fa maninona kay tsy Gymnase Ankorondrano , betsaka toerana azo hanasiana sy hamindrana ny CTC, fa tsy ny fianarana izay hitovozana fahalalana no atao sorona toy izao ? Ilay fanabeazana mihintsy no ambaniana ka ! Ie , tsy eo aminao ny toeran'ilay mipetraka any Ambohibao , Ambohidratrimo , Vontovorona , sns… Zay voatery hafindra eny Ampasampito ? Dia vacances ndray 1er année sady tsy vita programme? Ilay fandrindrana amin'ilay ady mihintsy no tandrametaka sy sarin'ady mihintsy, fa tsisy fahavononana tena hiady eto ka!
**Tantely Rakotoaritsifa :** mampandroso tokoa moa ny misolelaka, hanampy vahoaka nefa miandry vola aman'olona dikany izany manambaka.
**Setra Rasolofo :** fa iza no nanao ny jiro e? Aiza mesure d'accompagnement ? Zahay miezaka manao Zay tratra manentana fa ilay mpitondra anie manangona olona sy mamory olona e? Mba malahelo ilay fianaranay zahay hoe Zao sisa ve ? Maninona raha foto-drafitr'asa mifanaraka ny tranga no atao fa tsy zavatra n'importe quoi ? Mahita lazaina satria manimba firenena mamotika taranaka ilay mpitondra , hiray hina anefa ny mpitondra anao anefa tsy manana fikirizana handroso sy hiady ? Asa hoe hevitra mafonja ve misy ohatra ny hoe any amin'ny gymnase atao ? Na Palais fa 3em plans zan fianarana zan ? Alefaso lavitra fijery fa mijery aiza ary nareo ?
**Setra Rasolofo :** fa maninona ilay LTP Alarobia maminay no atao anzao ? Fianarana anisan mamoaka techniciens-techniciennes marobe nefa atao soro-na toy izao ? Hihena ndray zany taompianarana? Fa maninona tsy gymnase Ankorondrano no hanasiana azy ?

FEDERATION MALAGASY D'ATHLETISME"

# Fantaro ireo fandaharam-potoana 2022

Fantaro fa efa navoakan'ny mpitantana vaovaon'ny FMA : "Federation Malagasy d'Athletisme", tarihan'ny filohany Raherison Domique ankehitriny, ny fandaharam-potoana 2022. Fifaninam-pirenena 30 janoary 2022 : Championnats Nationaux "Cross Country" U 16, U 18, U 20, Sénior, ho tontosaina any Manakara. Aprily 2022 : Test Jeux Africain de la jeunesse, sokajy U 18, ho tontosaina eto Antananarivo. 28 mey 2022 : Championnat de Madagascar semi-marthon + cross 5 km femme sokajy U 20, sy Sénior, ho tontosaina any Fort-Dauphin. 30-31 mey, 01 jona 2022 : Stage officiels techniques et entraîneur Niv 1, ho tontosaina eto Antananarivo, 02-03-04-05 jona 2022 : Championnats Nationaux sur piste « jeunes » sokajy U 16 sy U 18, ho tontosaina eto Antananarivo, 10-11-12 jona 2022 : Championnats Nationaux sur piste sokajy U 20 sy Sénior, ho tontosaina eto Antananarivo, 30 ôktôbra 2022 : Marathon de Tanà sokajy U 20 sy Sénior, ho tontosaina eto Antananarivo. Nôvambra 2022 : Course de plage – Cross de sable 35m- 5km-10km ho tontosaina any Mangily Toliara. Desambra 2022 : Lomay sokajy U16- U 18- U20 ary Sénior, ho tontosaina any Ambatondrazaka. Desambra 2022 : 2e regroupement équipe Nationale preparation Jeux des Iles 2023, ho tontosaina eto Antananarivo. Fifaninanana Iraisam-pirenena : 18 martsa 2022 : Championnat du Monde Indoor sokajy séniors, ho tontosaina any Belgrade, Serbie. Aprily 2022 : Meeting de Maurice sokajy séniors, ho tontosaina any Bambou, Maurice. 18hatramin'ny 22 jona 2022 : Champ d'Afrique sokajy seniors, ho tontosaina any Bambou, Maurice, Jolay 2022 : Jeux Africains de la Jeunesse sokajy U 18, ho tontosaina any Addis-Abeba, Ethiopie. 15 hatramin'ny 24 jolay 2022 : Champ du Monde sokajy Séniors, ho tontosaina Eugene EU. 02 hatramin'ny 07 aogositra 2022 : Champ du Monde sokajy U20, ho tontosaina any CALL Colombie. Aogositra 2022 : Jeux de la Cjsoi U18 sokajy U18 mbola ho faritana ny toerana. 19 hatramin'ny 28 aogositra 2022 : Jeux de la Francophonie sokajy Séniors, ho tontosaina any Kinshasa, RDC.



*Athleta Malagasy, nisolotena an'i Madagasikara tamina fifaninanana iraisam-pirenena.*

**Rainilita**

Formule- 1, 2022

# « Grand Prix » miisa 23 no handrafitra azy

Grand Prix miisa 23 be izao no handrafitra ny taom-pilalaovana 2022, eo amin'ny fifaninanana fanamoriana fiarakodia Formule 1, ka ny Grand Prix de Bahreïn, ho tontosaina amin'ny 20 martsa 2022, no hanomboka an'izany ary ny « Grand Prix d'Abu Dhabi, hatao amin'ny 20 nôvambra 2022 kosa no hamarana azy. Nambaran'ny FIA «Fédération Internationale de l'Automobile » ihany koa etsy ankilan' izany, fa nofoanana tsy ho ao anaty fandaharam-potoana ny «Grand Prix de Chine », fa nosoloina ny « Grand Prix d'Emilie-Romagne », izay ho tontosaina any Imola amin'ny 24 aprily 2022 ho avy izao. Handray voalohany ny " Championat de F1 » kosa ny tanànan'i Miami amin'ny 8 mey 2022 ary ny « Grand Prix de France » dia hatao amin'ny 24 jolay 2022.



*Grand Prix Formule 1.*

**Rainilita**

Fanatanjahantena Malagasy

# Mitohy ny fisaonana, nodimandry Lalabe mpanao judo

Mitohy ny fisaonana ho an'ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy amin'izao fiadohan'ny taona 2022 izao. Nodimandry ihany koa mantsy RAVAOARIMALALA Honorine Lalabe, mpanao judo tao amin'ny « Judo club des cheminots » ary efa nitondra avo ny voninahi-pirenena tany ivelany tany fony fahavelony. Mirary fiononanana feno ho an'ny fianakaviana nilaozany sy ny hoan'ny «Judo Club des cheminots » ary ho an'ny tontolon'ny Judo sy ny fanatanjahantena Malagasy manontolo izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

**Rainilita**


*RAVAOARIMALALA Honorine Lalabe fahavelony.*